
Anjoma Ambalavao

## Zazavavikely varira na bobo nisy naka an-keriny

Miseho lany ihany koa ny fakana an-keriny zaza varira na zaza bobo any amin'ny distrikan'Ambalavao faritra Matsiatra Ambony. Zazavavikely iray no nisy naka an-keriny tany Anjomà Ambalavao ny alakamisy alina hifoha omaly zoma. Sambany vao nisy tranga toy izao tany an-toerana. Ny



*Ilay zazavavikely varira, nisy naka an-keriny tany Ambalavao.*

alin'ny alakamisy hifoha omaly zoma, tokony ho tamin'ny 12 ora sy sasany alina dia nitrangana fanafihana ny tanàna kely iray somary mitokana ao anatin'ny kaominina Anjomà distrikan'Ambalavao, toerana izay ipetrahan'ny ray sy ny reniben'ilay zazavavy kely varira, izay vao efa-taona monja. Ity farany izay lasan'ireo jiolahy nandritra ny fanafihana. Hatramin'izao, mifanampy amin'ny fanarahan-dia an'ireo dahalo ny fokonolona miaraka amin'ny Soamiraidia, ary ny mpitandro ny filaminana ao amin'ny zandarimariampirenena tarihin'ny Kaomandin'ny brigady Ambalavao.

**Niaina**

Tranga

## Tratra ilay nanafika cash point tamin'ny basy kilalao

Tany Antsirabe faritra Vakinankaratra, no nitranga ny fanafihana, tratra ilay lehilahy nanafika cash point niaraka tamin'ny basy kilalao. "Cash point" iray teo avaratry ny hopitaly Ave Maria ary atsimo kelin'ny Hôtel Diamant Antsirabe afak'omaly, no nisy nanafika tamin'ny 4 ora sy 10 minitra tolakandro teo ho eo. Lehilahy iray 28 taona no nanao izany niaraka tamin'ny basy kilalao sy antsy iray. Tsikaritr'ilay tompon-tsena anefa ity jiolahy ity, ka niantso vonjy avy hatrany izy.Taitra tamin'izany ny



*Ireo fitaovam-piadiana nentin'ilay nanafika cash point.*


manodidina ka nitsoaka ilay mpangalatra. Nisy olona tsara sitrapo nanenjika azy ary tao ihany koa ireo nampandre ny Polisy avy ao amin'ny Uir Antsirabe. Tsy lasa lavitra, fa teo Tsihitamaso ihany dia tratra ity lehilahy nanafika ity niaraka tamin'ny fitaovana nentiny. Naterina avy hatrany tany amin'ny Commissariat Central Antsirabe ho atao fanadihadiana izy. Raha misy tranga mahakasika tsy fandriampahalemana na izay mifandraika amin'izany dia aza misalasala miantso ny laharana 0340274752, hoy ny polisy ao amin'ny UIR Antsirabe.

**Niaina**

Masoivohon'i Japon

## Nanome fitaovana ho an'ny hopitalin'i Tanambao Toliara

Nanome fitaovana samy hafa, ho an'ny hopitalin'i Tanambao any Toliara faritra Atsimo Andrefana, ny Ambasadin'i Japon eto Madagasikara, notarihan'ny Masoivohony monina sy miasa eto amintsika, HIGUCHI Yoshihiro, ny alakamisy teo. Izao fanomezana nomen'ny japone izao dia nahitana latabatra fandidiana, fitaovam-pandidiana elektrônika samy hafa, fitaovana fanaovana echographie miisa 2, fitaovam-pitarafana azo entina mandehandeha, fitaovana fanatoranana, couveuse



*Ireo fitaovana samy hafa momba ny fahasalamana, nomen'ny Ambasadin'i Japon ny hopitalin'i Tanambao any Toliara.*

amin'ny UV, fitaovam-pameloman'aina ho an'ny ankizy sy ho an'olon-dehibe, izay ho avy tsy ho ela koa. Ireo fitaovana momba ny fahasalamana ireo dia miteti-bidy 3 312 000 dolara amerikana na 13 388 000 000 Ariary eo. Hahazo fitaovana toy izany koa ny hopitaly any Antsiranana, Fianarantsoa, Sambava, Tsiroanomandidy ary Ambatofinandrahana. Ny anton' izao fanomezana izao, na tsy ampy fitaovana ireo hopitaly ireo, na efa antitra, ka mila havaozina ireo fitaovam-pitsaboana ao aminy, mba hanaraka ny fivoaran'ny teknôlôjia.

**Aly**

Kitra « Tournoi national de Pâques 2022 »

## Ho tontosaina ny 18 ka hatramin'ny 23 aprily



*Harison Philibert mpikarakara ny Tounoi de vacances.*

Raha ny tatitra azo avy amin'i Rakotonirina Harison Philibert, tompon'andraikitra voalohany ao amin'ny club 3FA Avaradrano, dia efa tena ao anatin'ny fanomanana tanteraka ny fifaninanana baolina kitra : "Tournoi National de Pâques 2022" izy ireo amin'izao fotoana izao. Fifaninanana baolina kitra ho an'ny sokajy zandriny sy ny vehivavy, no hotanterahina amin'izany, izay hanomboka amin'ny alatsinainy 18 aprily, ka hatramin'ny sabotsy 23 aprily 2022 ho avy izao, eny amin'ny kianjan'ny "Commune Ankadikely". Kitra lalaovin'ny olona 09 eo ambony kianja, no hatao ho an'ny sokajy 08, 10 sy ny 13 taona, raha kitra lalaovin'ny olona 11 eo ambony kianja kosa ho an'ny sokajy 15, 17, 20 , 23 taona ary ho an'ny vehivavy. Ny antony hikarakarana fifaninanana sahala amin'izao dia mba hisian'ny fifanakalozana, eo amin'ny samy mpitantana klioba fampianarana baolina kitra, sy hanazarana sahady ireo taninketsa hisedra fifaninanana tsy dia fahitany isan'andro, izay misy mpilalao avy amin'ny faritra samy hafa. Na dia teo aza ireo loza voajanahary (andro ratsy) nandalo teto amin'ny firenena, sy ny valanaretina Covid-19 izay mbola hitandremana hatramin'izao dia efa maromaro ireo ekipa handray anjara amin'izany, na izany aza anefa dia mbola manaraka ny fepetra ara-pahasalamana isika koa dia ho ferana ny isan'ny ekipa horaisina handray anjara. Faritra Analamanga : 3Fa Avaradrano, Fc Viva Antehiroka, Fc 105 Avaratr'Ivato, Afc Ankadikely, Fenohasina Fc Sab/Nam, Jahboady Mena Ambohitrarahaba, Jsa Antanety Ankadikely, Ravinala Ambatomitsangana, Soldat Sab/Nam, Varatra Androhibe, Asa Androhibe, 4Fca Andafiavaratra Ambohitrarahaba, Faritra Boeny : Fc Tsaramandroso, 3F Miray, mbola handrasana kosa ireo ekipa avy amin'ny Faritra hafa.

**Rainilita**

Tsy nety nahazo vady sy asa

## Lasa vadina vazaha patrô ilay tovovavy

***Mbola fanontaniana foana ny hoe misy ve izany olona ratsy vintana tsy mety mahazo asa sy vady izany, sa anjara araky ny filazan'ny sasany azy ka miandry izay higadonany eo?***

Toy izao indray ny fandehan'ny tantara : tovovavy 25 taona rakalakely ary nahavita fianarana dia nitady asa taty Antananarivo. Mba manana ihany ny ray amandreniny saingy mba te- hanana ny fahaleovantenany ity kalakely ity, ka niezaka nitady asa. Izay orinasa mba nanaovana ny fangatahana nefa dia tsy nisy nandray azy ary nilaza fa mbola hieritreritra. Nisy indray efa mba nandray azy ihany fa vao niasa herinandro dia niala. Ilay orinasa farany izay aza dia nilaza fa handray azy nefa dia votsotra ho azy amin'izao satria efa nisy olona nahazo indray hono ny toerany. Tsy vitan'izany fa sady tsy nahazo valiny no saika narary mihitsy izy satria sady very fotoana sy lany vola, no mbola nahazo vava ratsy ihany koa. Kivy ilay kalakely, ka tsy maintsy nitady hevitra tamin'i Mr Aina mpitsabo eny Ambonisoa Itaosy 0382902668 sy ny 0320279868, ka teo vao nivaha ny olana.

**Tratry ny fanohobe tsy mihoa-bonga ilay tovovavy**

Vao nihaona teny aminy dia izao no navalin'ilay mpitsabo azy : tratry ny tsy mipaka sy tsy mihoa-bonga ianao hoy izy ary tsy vitan'izany, fa nisy namosavy tamin'ny fanohobe ary izay orinasa idiranao dia tsy handray anao na vao miasa kely eo ianao dia miala satria nisy olona namosavy ianao, ka ny vintanao mihitsy no mila amboarina vao tafarina ianao, satria tratry ny tsy mihoa-bonga, ka vao mitady hevitra sy asa ivelan'ny faritra misy anao dia foana avokoa. Teo noho eo ihany dia nokarakaraina ny vintan'ilay tovovavy, nodiovina sy nampandroina izy ary mbola nomena fanefitra ihany koa satria raha tsy voakarakara dia tsy hahita asa sy vady ihany koa.

**Lasa vadin'ilay patrô ilay kalakely**

Iray volana dia tafita ilay kalakely satria vantany vao vita ny fikarakarana dia niova ny rasa, satria nanomboka niantso azy ilay orinasa nanaovany fangatahana voalohany ary tonga dia toerana ambony no azony. Tsy vitan'izany fa mbola niantohana ihany koa ny trano ary mbola nahazo fiara natao hiasana ihany koa. Nanomboka teo dia tafita ilay tovovavy satria niditra ny vola ary sady nahazo vady sahaza tao amin'ilay orinasa ihany satria ilay patrô ihany no lasa vadiny, no mbola nahazo fiara manokana ho azy ihany koa. Salama tsara izy roa ankehitriny ary efa nanampy ny ray amandreniny sahady, satria efa betsaka ny vola eo am-pelatanana. Niaiky ny olona fa hay na misy aza ny olona voalaza fa ratsy vintana dia mahazo izay iriany sy tadiaviny rehefa voakarakara, satria tsy misy nateraka ho ratsy vintana izany, fa na nisy namosavy, azo amboarina ho lasa lavitra hoy ity mpitsabo mpanjakan'ny « pouvoir » ity.

**Namana**

### Taratasin'ny mpamaky

Fanehoan-kevitra ampitaina amin'ny gazety Ny Valosoa Vaovao izao manaraka izao, avy aminay mpanaraka raharaham-pirenena avy aty Tamatave. Efa isan'ny hevitra tsara raha hanara-maso fifidianana ny FFKM, saingy tsara kokoa raha ny rantsamangaikan'ny FFKM manerana ny Nosy mihitsy no manao azy, fa tsy mijanona ho ny foibe ihany. Miantoka tanteraka ny ampitson'ny Malagasy io fifidianana amin'ny 2023 io. Alaivo an'eritreritra anie hoe : izao efa tsy fahombiazan'ny mpitondra izao, no mbola hiampy fahatezeram-bahoaka amin'ny vokapifidianana diso e ! Hala-bato sy fanodinana safidy. Asa inona no hitranga eto.

Matoa koa ny olona rehetra mihitsy no efa miray feo dia efa misy zavatra tsikaritra ao ! Koa ny vahaolana dia ny fiarahana mikirakira azy ihany: HCC ; CENI ; sns ... Tsy azo adinoina ny lisi-pifidianana, io koa no tokony ho araha-maso fatratra ho an'ny rehetra.

***Mamonjy Ny Rina***
***Mpamaky gazety Ny Valosoa, Tamatave***

NY VALOSOA VAOVAO Gazety miseho intelo isan-kerinandro (Talata - Alakamisy - Sabotsy)
Dokam-barotra
Tél. 034 79 076 00